

Ilay mesia ambaran'ny soratra masina



Bibles et Publications Chrétiennes

30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

ISBN : 978-2-87907-385-9
Le Messie de l' Écriture

Ilay Mesia ambaran'ny Soratra Masina

Dia nanomboka hatramin'i Mosesy sy ny mpaminany rehetra Izy, ka nanambara taminy ny hevity ny teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masina rehetra.¹

Hita ao amin'ny Baiboly manontolo (ny bokin'i Mosesy, ny Salamo, ary ny Mpaminany) ny filazana ny amin'ny fiavian'ny Mesia, sy ny asa hotanterahin'io Mesia io. Lohahevitra midadasika mila fandinhana be izy ity, noho izany. Izany rahateo moa no ivon'ireo fanambaràn'ny faminaniana. Ao aminy (ao amin'ny Mesia), amin'ny maha mpisolotena ny Isiraely rehetra Azy, sy amin'ny alalany, no hanatanterahan'Andriamanitra an'ireo fampanantenana rehetra nomeny ho an'ny vahoakany.

Fanambaràna maro mikasika an'ity Mesia ity no voalaza ao amin'ny Testamenta Taloha. Mampahafantatra an'ilay Iray izay hirahin' Andriamanitra ho eto amin'izao tontolo izao ireny fanambaràna ireny. Maneho amintsika ny maha mahatoky an'Andriamanitra ihany koa izy ireny. Hotanterahin'Andriamanitra avokoa, ary amin'ny antsipirihany, izay rehetra efa

1. Lioka 24. 26, 27, 44-46

nampanantenainy sy nomaniny ho an'izay manankim-po amin'ny Teniny.

Tsy mora mandrakariva anefa ny manasokajy an'ireny fampanantenana nomen'Andriamanitra ao amin'ny Teniny ireny. Tsy toy ny fahitantsika amin'ny boky tantara mantsy ny fomba anehoan'ny Baiboly an'ireo zavatra hitranga. Ny lafiny môraly ny azy no asehony, dia araka izay fahitan'Andriamanitra azy. Izany no antony ahitantsika matetika ny Salamo miresaka ny amin'ny fahorian'ny Mesia. Afangaro ihany amin'ny fahoriana hianjady amin'ireo sisa amin'ny vahoaka Isiraely, izay iombonany rahateo, amin'ny ho avy anefa, ireo fahoriana holanjain'ny Mesia ireo, amin'ny ankapobeny². Izany no ahitantsika an'ireo teny mihantsy valifaty, izay manaitra ny saintsika tokoa, ao amin'ireny andininy ireny.

Miteraka fahasarotana ihany koa ny fahitantsika faminaniana milaza ny Mesia, tsy ao amin'ny teny nambaran'ireo mpaminany ihany, fa any amin'ny ankamaroan'ireo andininy mirakitra tantara hita ao amin'ny Soratra Masina. Ohatra tsotra amin'izany ny fampatoriana an'i Adama hita ao amin'ny Genesisy 2, na ny

2. mariho ny fampiasana teny manondro tokana ho amin'ny manondro maro, ao amin'ny Salamo 17. 9-11

fanaterana an'i Isaka ho fanatitra, ao amin'ny Genesisy 22. Misy kosa ny somary sarotsarotra takarina, ka mila fahamalinana kokoa ny fanakarana ny heviny. Nomen'ny Fanahy tao amin'ny Galatiana 3, 4 ny tsoa-kevitr'ireo tantara ao amin'ny Testamenta Taloha, izay tsy sahintsika notsoahina.

Maneho marimarina ny efa fanambaram'Andriamanitra ny hiavian'ny Kristiny (teny mitovy dika amin'ny hoe « Mesia » io hoe Kristy io, amin'ny teny Grika), ny hamaroan'ireo teny sy sary enti-milaza ny Kristy sy ny asany, ao amin'ny Testamenta Taloha. Ny sasantsasany amin'izy ireny ihany no hotsongaintsika amin'izao famelabelarana tsotsotra ataontsika izao. Efa fantatra sahadys ilay « Zanak'ondry » na tsy mbola tonga aza. Naseho miandalana tamin'ireo vahoakany, tamin'ny alalan'ny Fanahy, ny fahatongavany, ny asa hotanterahiny, ary ny maha izy azy. Izany no natao mba hiandrandra fatratra ny fiaviany sy hanaiky Azy ireo rehetra manankim-po amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Hoyerentsika eto amin'ny fizarana voalohany hoe inona moa ny fanantenana tao anatin'ireo niandry ny fampiononana ny Israely³, toa an-dry i Simeona, ry i Ana, ry i Zakaria sy i Elizabeta. Ao

amin'ny fizaràna faharoa kosa no hijerentsika ny fomba nahatanterahan'ireo faminaniana; efa eny am-pelatanantsika mantsy ny fanalahidy!

I. Ao amin'ireo bokin'i Mosesy

Manambara sahadys ny ho andraikitr'ilay Zanak'olona ao amin'ilay fahariana faharoa, ny andraikitra sy ny toerana nomena an'i Adama tao amin'ilay tontolo noarîna voalohany. Nampatoriana tanaty torimaso Lalina i Adama, mba hanomezana azy an-dramatoa vadiny. Sary anehoana ny fahafatesana holalovan'i Kristy izany. Tsy maintsy nampandalovina fahafatesana i Kristy mba hahazoany ny Fiagonana, izay ambara fa Vadiny⁴. Saingy, nijanona ho tsoa-kevitra saro-takarina izany nialoha ny nampihanjahanjan'ny Fanahy Masina ny zafamiafina mikasika ny Fiagonana.

Ao amin'ny Genesisy 3. 15 no ahitana ny fanambaràna mazava voalohany, momba ny Mesia: ny mikasika ny taranaky ny vehivavy no asian-teny eo⁵. Ambara eto sahadys ny fandresena an'i Satana amin'ny alalan'ny fahafatesana. Naseho mandrakariva ny lohahevitra mikasika an'ireo fahorianana hiaretan'ny Tompo ireo - izay ho anton'ny fankalazantsika mandrakizay an'Andriamanitra⁶. Kanefa dia mbola sarotra tamin'ireo mpianatra ny hahatakatra izany.

4. Efesiana 5. 25, 29 • **5.** ampitahao amin'ny Galatiana 3. 16 • **6.** jereo izay voalaza mikasika an'i Mosesy sy Elia tao an-ten-drombohitra, voasoratra ao amin'ny Lioka 9

Mbola izany lohahevitra izany indray koa no hitantsika ao amin'ilay tantaran'ny fanaterana an'i Isaka ho sorona. Zanaka lahitokana sy malalan'ny rainy i Isaka. Zanaky ny fampanantenana izy, no sady fiantombohan'ny fampanantenana. Taranak'i Abrahama izy, naterina ho sorona, nitsangana tamin'ny maty, izy no nanoloran-drainy ny fananany rehetra, ary nomena vady.

Sary anehoana an'i Kristy ihany koa i **Josefa**. Natokana hiavaka tamin'ireo rahalahiny izy. Izy no nanorina ny taranak'i Jakoba⁷. Voalaza ny toeram-boninahitra nisy azy, ny fampahorian'ny rahalahiny azy - mialoha ny niankohofan'izy rehetra ireo teo anoloany. Nahazo vady tsy iray tanindrazana taminy tany an-tany fahababoana izy. Nahatsapa tsara, na ireo Jiosy aza, fa nentin'Andriamanitra nanambaràna an'llay Iray izay hitondra fitahiana ho an'ny vahoaka manontolo ny tantaran'i Josefa.

Sary iray hafa indray koa ny zanak'ondrin'ny Paska. Io sary io no tao an-tsain'i Jaona raha nahatazana an'llay Zanak'ondrin'Andriamanitra izy, ka nahalala Azy. Mainka nanamafy izany ny teny notanisain'ny mpanoratra ny filazantsara:

7. Genesisy 37. 2

«Tsy hisy hotapahina ny taolany »⁸. Tandindon’io fanatitra miavaka loatra io avokoa, dia ny fanatitra naterin’Ilay Zanak’ondrin’Andriamanitra, ireo sisa rehetra tany aloha. Tsy maintsy handray ny toeran’ireo fanatitra dorana sy ireo fanatitra noho ny ota Ilay Iray izay nambaran’ny Soratra Masina, araka ny ambaran’ny Salamo 40. 6, 7a.

Endrika hafa maneho ny Tompo ihany koa no mbola hitantsika indray amin’ny tabernakely sy ny fiaran’ny fanekena, mbamin’ny rakotra nanarona azy⁹. Tao no nitoeran’ireo vato fisaka nisy ny lalàna. Nijanona teo amin’ny fanambanin’ny ranon’i Jordana ny fiaran’ny fenekena, raha nizara roa ny rano, mandra-pahatafitan’ny vahoaka rehetra.

Nasehon’ny Tompo tamin’ireo mpianany avokoa izany rehetra izany, tamin’ny fotoana nitsanganany tamin’ny maty. Eny, naneho izany mialoha aza Izy, raha nilaza tamin’izy ireo fa tsy maintsy hijaly mafy ny Zanak’olona (Matio 16. 21). Ndeha isika hitanisa anankiroa amin’ireo andinin-tSoratra Masina nolazain’ny Tompo, ho fanaporofaona izany tamin’ireo mpianany : «Tahaka ny nanandratan’i Mosesy ny menarana tany an’efitra... »¹⁰; «Tsy hisy famantarana

8. Jaona 19. 36 • 9. na ny fanavotana, jereo ny Romana 3. 25

• 10. Jaona 3. 14

homena azy afa-tsy ny famantarana ny amin'i Jona mpaminany... »¹¹.

Teo amin'ny faminanian'i Balama no nanomboka ny faminaniana tsotra, izany hoe mora azo, ho an'ny mpino, tao amin'ireo faminanian'ny Fanekena Taloha. Voasarik'ireny faminaniana tsotra ireny na ireo Fariseo aza: « Misy kintana miseho avy amin'i Jakoba... »¹². Mifandray mivantana amin'ny fitahiana ho an'ny vahoaka izany faminaniana izany, tahaka izay nomen'i Mosesy koa taty aoriana kely: « Mpaminany avy eo aminao,... tahaka ahy, no hatsangan'i Jehovah Andriamanitro ho anao »¹³. Nambara mazava ilay fitahiana nampanantenaina ny vahoaka, taty afara. Nifamatotra akaiky tamin'i Davida izy io. Tao amin'ny bokin'i Rota no nanomanana ny fanambaràna azy: nizotra niandalana niainga tamin'i Boaza ny fitantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ao amin'ny Rota 4, nandalo tamin'i Obeda zanany, ary nipaka tamin'i Davida - i Boaza izay lehilahy mahery sy mpanankarena ary manan-jò hanavotra.

Zanak'i Davida: I Kristy, araka izany, no tondroina ho solofo hitsimoka sy taranak'i Davida¹⁴.

11. Matio 12. 39 • 12. Nomery 24. 17 • 13. Deuteronomia 18. 15 • 14. Apokalypsy 22. 16 sy ny Isaia 11. 1

Mpandova an'ireo teny fikasana Izy, kanefa fototra niavian'ireo teny fikasana ireo koa, zanak'i Davida sy Tompon'i Davida¹⁵. Manan-jò amin'ilay famindrampo mahatoky nampanantenaina an'i Davida Izy¹⁶. Mivantana be ny filazana an'io ao amin'ny toko faha-17 amin'ny bokin'ny tantara voalohany: «Hatsangako ny zanakao anankiray mandimby anao, izay isan'ny terakao... Izaho ho rainy ary izy ho zanako»¹⁷. Hatreо amin'i Solomona ihany kosa no tondroin'ny teny ao amin'ny 2 Samoela 7, satria voalaza ao ny fisian'ny faharatsiana.

Izany no nahatonga an'ireo mpanora-dalàna hanitrikitra fa zanak'i Davida ny Mesia. Ho azontsika hoe nahoana moa Izy no ho izany, raha ekentsika fa i Davida – «Malala» no dikan'ny anarana hoe Davida – no ilay mpanjaka voafidin'Andriamanitra, ilay olona araka ny fon'Andriamanitra¹⁸. I Davida no ilay mpanjaka nataon'ireo sisa rehetra nanaraka azy tato afara ohatra, na dia nolavina aza izy tany am-boalohany. Izany no mahatonga an'ireo fampanantenana hifandray akaiky hatrany amin'i Ziona, tanànan'i Davida, fa tsy amin'ny Jerosalema iray manontolo¹⁹: tao rahateo moa

15. Marka 12. 36, 37 sy ny Salamo 110. 1 • **16.** Asa 13. 34 sy ny Isaia 55. 3 • **17.** and. 11, 13 • **18.** 1 Samoela 13. 14 • **19.** jereo ny Salamo 132. 13 sy ny 1 Mpanjaka 8. 1

no nisy ny fiaran'ny fanekena nandritra ny fotoana nanjakan'i Davida. Hifaningotra akaiky amin'io taranak'i Davida io, amin'llay Voahosot'i Jehovah, ny fahatanterahan'ireo fampanantenana rehetra nomen'Andriamanitra.

Ny Mesia: Tsy nisy mpanjaka teo amin'ny Isiraely tany am-piandohana. Ny mpisorona no natao ho olom-boahosotra. Ny mpitondra fanjakana no tonga tompon'ny fahefana rehetra, rehefa niorina ny fanjakana vokatry ny tsy fetezan'ny fitondram-pisorona intsony. Nandray ny hosotra avy amin'Andriamanitra ihany koa izay mpanjakanofidiny hitondra, nanomboka teo, ary natokana. Mariho fa i Samoela no nanolotra ho an'i Saoly ny soro-kena avy amin'ny biby natao sorona, izay natokana indrindra ho an'ny mpanjaka irery ihany, ao amin'ny 1 Samoela 9. 24.

Tsy misy mihitsy eo amin'ny Isiraely ny hoe olona iray sady mpanjaka no mpisorona, raha ny tokony ho izy. I Davida mpanjaka anefa, na sary ihany aza no anehoana izany, dia nitafy ny sasantsasany tamin'ireo toetry ny mpisorona²⁰. Nanandrana ny hanambatra an'ireo toetra roa ireo koa i Ozia mpanjaka. Nahongana tsy

20. jereo ny Matio 12. 1-5 sy ny 1 Mpanjaka 16

hitondra ny fanjakana intsony izy tamin'izay, ary voaroaka tsy ho ao an-tranon'i Jehovah. Izany no mahatonga ny Isaia 6 hilaza ny amin'ny fahafatesan'i Ozia, mialoha ny hanehoana amintsika ny Tompo, ilay mpisoronabe mipetraka eo amin'ny sez a fiandrianany (ambara mazava ao amin'ny Jaona 12. 41 koa izany). Toy izany no nandaharana an'io fitantarana eo amin'ny fiandohan'ny bokin'i Isaia io, mba hahatonga ny fahalemen'ny olombelona sy ny fahamontsanan'ny fieboeboany ho fitaovana mainka hampiharihary ny voninahitr'i Kristy.

Milaza amintsika ny Salamo 2 fa ny Voahosotr'i Jehovah io ambara ho zanak'Andriamanitra ao amin'ny 1 Tantara 17 io – ary mainka amafisina io anarana asalotra Azy io eto. Izany no dikan'ny anarana hoe Mesia, amin'ny teny Hebreo, sy ny hoe Kristy, amin'ny teny Grika – mitovy hevitra ihany ireo. Hitantsika izany anarana izany ao amin'ny Salamo 132 sy ao amin'ny Daniela 9 : « Ny Mesia Andriana..., hovonoina ny Mesia ka tsy hanana »²¹.

Andininy marobe ao amin'ireo boky faminaniana, ny an'i Isaia indrindra indrindra, no mamenno sy manamafy ny antso avo natao teo amin'ny vahoaka Israely mikasika an'llay Iray

21. Daniela 9. 25, 26

izay hanafaka azy ireo. Hijery sasantsasany amin'izy ireny isika, ary ho hitantsika eo ny fomba nahatanterahany.

II. Niandrandra ny fiavian'ny Mesia àry ireo Jiosy

Mpitarika afaka ny hanandratra ny voninahitr'izy ireo anefa no notadiaviny, noho izy ireo tsy nihevitra afa-tsy ny tenany, fa tsy mba mpitarika afaka ny hanatsara ny fifandraisany tamin' Andriamanitra. Nohadinoiny fa tsy maintsy hiaisotra aminy aloha ny fahatezeran' Andriamanitra, izay mendrika azy ireo tokoa noho ny fahotany, vao afaka ny handrotsaka ny fitahiany amin'izy ireo Andriamanitra. Nataon'izy ireo an-jorom-bala ny mahakasika ny fahorian tsy maintsy hozakain'ny Kristy.

Hita taratra tamin'ny fihorohoroan'i Jerosalema iray vohitra, raha nilaza ny amin'ny fahaterahan'io Kristy io ireo magy²², ny tsy mbola fahavononan'izy ireo handray Azy. Nahalala tsara ny Soratra Masina anefa ireo Jiosy ireo, satria ho azy aloha, voalohany indrindra, no nilazana dieny mialoha ny hiavian'ny Tompo. Izany no mahatonga ny filazantsara nosoratan'i Matio, izay nosoratana manokana ho an'ny Israely, milaza betsaka indrindra ny amin'ny fahatanterahan'ireo fampanantenana.

22. Matio 2. 3

Ny maha Andriamanitra Azy: Tsy maintsy ho sady Andriamanitra tanteraka ny Kristy no ho olombelona tanteraka koa. Izany no zavamiafin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra²³, izay tsy azo naseho raha tsy taorian'ny fahatongavan'ny Kristy. Misy ihany anefa andininy maromaro manambara Azy, na dia amin'ny fomba manjavozavo ihany aza, voarakitra ao amin'ny Soratra Masina: Salamo 110: « Ny Tompo nilaza tamin'ny Tompoko hoe... »; Isaia 9: « Ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolotsaina, Andriamanitra mahery... »; ny tantaran'i Melkizedeka « Tsy manana voalohan'andro na faran'ny fiainana », Hebreo 7. 3; ny Salamo 40. 7: « Inty Aho tonga... »; ny Salamo 102, izay tanisaina ao amin'ny Hebreo 1. 10: « Ianao Jehovah ô, tany aloha no nanorenanao ny tany,... Ianao no tsy miova... ».

Izy no ilay Zanak'Andriamanitra, araka ny ambaran'ny Salamo 2 sy ny 1 Tantara 17. Izy ihany koa anefa no Ilay Zanak'olona, araka ny ambaran'ny Salamo 8 sy 80 ary ny Daniela 7²⁴.

Zanak'i Davida: Andininy maromaro tamin'ireo efa hitantsika no nanambara fa zanak'i Davida ny

23. 1 Timoty 3. 16 • 24. mariho ny fifandraisana hita amin'ny Lioka 22. 69 sy ny Salamo 80. 17

Mesia, izany hoe taranany, araka ny tetiarana avy amin'i Josefa²⁵, sy ny avy amin'i Maria, izay inoana marimarina fa izay voalaza ao amin'ny Lioka 3 no fizotry ny taranaka niaviany.

Ny fahaterahany: Tsy maintsy ho fahaterahana mahagaga ny fahaterahan'ny Mesia: «Hanana anaka ny virijiny ka hiteraka zazalahy... »²⁶. Nahalala ireo mpanora-dalàna fa tsy maintsy ho any Betlehema, tanànan'i Davida, no hahaterahan'ny Mesia, satria izany no voasoratra ao amin'ny Mika 5. 1: «Fa ianao ry Betlehema Efrata, izay kely tsy tokony ho isan'ny arivon'i Joda akory, dia avy ao aminao no hivoahan'izay anankiray ho Mpanapaka ho Ahy ao amin'ny Isiraely. Hatry ny fahagola no efa nivoahany dia hatrizay hatrizay». Efa milaza rahateo ny maha Andriamanitra Azy izany andininy izany. Naminany ny fotoana hahaterahan'ny Mesia i Daniela, ary ho nahalala izany izay nahay nanisa tsara ny isan'ny «herinandro». Nanana ny famantarana azy manokana ihany koa i Simeona anti-dahy mba hamantarany fa io zaza hateraka io tokoa no Ilay Mesia.

25. Matio 1 • **26.** Isaia 7. 14

Ny fahazazany: Tsy maintsy hankany Egypta Izy, araka ny ambaran'ny Hosea 11, ary ho Nazareana: satria nonina tao Nazareta, sy araka ny efa nambaran'ny mpaminany²⁷.

Ny mpialoha lalana Azy: Raha noraيسina ny Tompo, fa tsy nolavina, dia i Jaona mpanao batisa no ilay « Elia tsy maintsy ho avy »²⁸. Saingy, tonga ho ilay « feo miantsosy mafy any an'efitra »²⁹ sy ho iraka natao hialoha lalana ny Kristy³⁰ izy.

Ny mikasika ny tenany: tonga lafatra Izy. Tsy nisy kilema sy tsy nanan-tsiny ireo biby natao fanatitra fahiny. Tsy mba hafa noho ny zavatra noeritreretiny ny teny niloaka ny vavany, hoy ny ambaran'ny Salamo 17. 3. Izy no llay mpanompo ankasitrahany fon'Andriamanitra, hoy ny Isaia 42. 1. Ny hanao ny ankasitrahany'Andriamanitra no sitrany, hoy ny Salamo 40. 8. Niankin-doha tanteraka tamin'Andriamanitra Izy: « Isa-maraina isa-maraina... ampandrenesiny ny sofiko... »³¹.

Notevatevaina Izy: « llay hamavoin'ny olona sy halan'ny firenena... ny tarehiny dia simba... tsy nanana endrika na fahatsaran-tarehy Izy... natao tsinontsinona... Izy »³². Zatra **fahoriania** Izy

27. Matio 2. 23 • 28. Malakia 3. 23 sy ny Matio 11. 14 • 29. Isaia 40. 3
• 30. Malakia 3. 1 • 31. Isaia 50. 4 • 32. Isaia 49. 7 sy ny 52. 14 - 5. 3

nandritra ny androm-piaianany tety an-tany : « Lehilahy ory sady zatra fahoriana »³³; « fanatitra hohanina voaendy amin'ny lapoaly »³⁴; « Nisy nanandeve ahy fony aho mbola kely »³⁵; « Ny fitiavako dia valiany fandrafiana »³⁶.

Ny asany: Ny Tompo Izy tenany mihitsy no nitanisa ny teny hita tany amin'ny Isaia 61, tao amin'ny Lioka 4, raha tao amin'ny synagoga Izy : « Hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo... hitory... fampahiratana ny jamba ». Izany ihany koa no mbola naveriny tamin'i Jaona mpanao batisa³⁷. Maneho Azy ho toy ny olona anankiray hitory ny vaovao mahafaly ny Isaia 52. Hitantsika ao amin'ny Isaia 42 ny toetrany malefaka tamin'ny fanatanterahana ny asany : « Tsy hiantsoantso Izy na hanandratra ny feony... Tsy hotapahiny ny volotara torotoro ». Mamoky mofo ny noana Izy, hoy ny Salamo 132. Porofon'ny maha Andriamanitra Azy ihany koa, ankoatra ireo sisira rehetra, ny fahatanterahan'ireo teny rehetra ireo. Ny « asan'ny Rainy mandrakariva » no nataony³⁸.

33. isaia 53. 3 • **34.** Levitikosy 2 • **35.** Zakaria 13. 5 • **36.** Salamo 109. 4 • **37** Matio 11 • **38.** « Ny firehetako ny amin'ny tranonao no naharitra aina Ahy » - Salamo 69. 9

Ny sampan-kazo: Efa naminany ny fidiran'ny Mesia amim-boninahitra ao Jerosalema ny Zakaria 9 sy ny Salamo 118. Ny teny voalaza any amin'ireo faminaniana ireo no naverin'ny vahoaka, raha teny an-dalana hiditra an'i Jerosalema ny Mesia.

Nolavina: Io Salamo 118 io ihany koa no mbola manambara ny handavana an'ilay vato natao ho fehizoro³⁹. Manamafy an'io fandavana io ny Daniela 9. 26: «Hovonoina ny Mesia ka tsy hanana », sy ny Zakaria 13. 6: «... naratra tao an-tranon'ny sakaizako... ».

Voafitaka: Miresaka matetika ny amin'i Jodasy ny bokin'ny Salamo: ny Salamo 55, 109; ny Salamo 41 aza moa miresaka mihitsy an'ilay fiaraha-misakafo farany. Milaza mialoha ny vola vidin'io famitahana io, sy ny nampiasana izany vola izany, ny Zakaria 11. 12, 13: «Atsipazo amin'ny mpanefy tanimanga... ». Nanatanteraka an'izay voalazan'ny Soratra Masina, hatramin'ny antsipirihany, ireo lohandoham-pisorona, tamin'ireo zavatra rehetra nataony, na tsy fantatr'izy ireo aza izany.

39. jereo koa ny Genesisy 49. 25; Zakaria 4. 7; Isaia 8. 14 ary ny Daniela 2. 34

Getsemane: Hitantsika imbetsaka amin'ny andininy maro ao amin'ny Soratra Masina ny vavaka nasandratry ny Tompo Jesoa tamin'llay «afaka ny hamonjy Azy amin'ny fahafatesana »: Salamo 40; 69; 102; Isaia 39. Voahasinkasina ireo zava-hitranga manodidina ny fisamborana Azy ao amin'ny Salamo 27. 2: « Raha manatona Ahy... ny ratsy fanahy... dia izy ihany no tafintohina ka lavo ».

Ny fitsarana: Miresaka amintsika ny amin'ny zanak'ondry moana manoloana ny mpanety azy, ary tsy niloa-bava akory, ny Isaia 53. Hoy ihany koa ny Fitomaniana 3. 30: « Aoka hanolotra ny takolany amin'izay mameley azy izy ka ho feno latsa ».

Ny hazofijaliana: Andininy maromaro mikasika izay **hitranga** manodidina ny fahafatesan'ny Mesia no efa notanisaantsika. Nohasinkasinin'ny faminaniana ihany koa ny amin'ny **fomba hijaliany**: hokaravasiana Izy: « Ny mpiasa dia niasa ny lamosiko, efa nanalava ny vavasany izy »⁴⁰. Holefonina Izy⁴¹. Imasom-bahoaka no nampijaliana Azy: « ireo dia nibanjina sady

40. Salamo 129 • **41.** Zakaria 12. 10; Salamo 22. 16; miresaka ny amin'ny «ratra amin'ny tanany» ny Zakaria 13. 6

nangarika ahy »⁴². Tsy hisy hotapahina ny taolany⁴³. Hilokàna ny fitafiany⁴⁴. Hatao eo anelanelan'ny jiolahy anankiroa Izy: mitanisa ny Isaia 53. 12 i Marka sy i Lioka, ka ambarany amin'ny hoe «Natao ho isan'ny mpanota Izy». Zava-mangidy no nomena hohaniny, ary vinaingitra no nomena hosotroiny⁴⁵.

Efa voalaza mialoha avokoa ny ankamaroan'ireo teny hiloaka ny vavany, raha mby eo amin'ny hazofijaliana Izy: niantso mafy Izy nanao hoe: «Andriamanitra ô, Andriamanitra ô, nahoana no dia mahafoy Ahy lanao»⁴⁶. Nivavaka ho an'ireo nanota taminy Izy⁴⁷. Mangetaheta Aho, hoy Izy, araka ny voasoratra mialoha tao amin'ny Salamo 69. 21. Ary farany indrindra, nanolotra ny fanahiny tamin'ny Rainy Izy⁴⁸.

Efa voalaza mialoha na **ireo teny nataon'ny olona** nanodidina ny hazofijaliana aza. Niloaka ny vavan'ireo nanatrika ny fahoriania niaretan'i Mesia ireo teny ireo, hahatanteraka ny faminaniana, na tsy fantatr'ireo niteny azy aza izany. Izany no ahitantsika ny fiverenan'izay voalaza any amin'ny Salamo 22. 8 ao amin'ny

42. Salamo 22. 17 • **43.** Eksodosy 12. 46 sy ny Salamo 34. 20 • **44.** Salamo 22 • **45.** Salamo 69. 21 • **46.** Salamo 22. 1 • **47.** Isaia 53. 12 • **48.** Salamo 31. 5

Matio 27. 43. Saingy efa nambaran'Andriamanitra dieny mialoha koa izay hataony, araka izay hita ao amin'ny Salamo 18. 19.

Ny fasana: Ho ao amin'ny fasan'ny mpanankarena Izy⁴⁹. Izany no antony nifidianana an'i Josefa avy any Arimatia, izay lehilahy mpanefoefo tokoa, hanome malalaka ny fasany hametrahana Azy⁵⁰. Fasam-bao io, ary endrika iray isehoan'ny fahatanterahan'izay voasoratra any amin'ny Salamo 16. 10: « Tsy hamela ny Iray Masinao ho latsaka ao amin'ny lavaka lanao ».

Nitsangana tamin'ny maty: Io no endrika iray isehoan'ny tsy namelana Azy ho ao amin'ny fahafatesana, araka izay hamafisin'i Petera ao amin'ny Asan'ny Apôstôly 2. 27. Telo andro sy telo alina ihany, dia araka izay asehon'ny « famantarana ny amin'i Jona », no naha tao am-pasana ny Mesia⁵¹. Hoy koa ny filazan'ny Salamo 102 azy : « Ny taonanao mihatra amin'ny taranaka fara mandimby » (and. 24), Salamo 21: « Aina no nangatahiny taminao dia nomenao azy izany » (and. 4). Manampy amin'ny fahazoana izany ny tantaran'i Isaka sy ny tantaran'i Hezekia.

49. Isaia 53. 9 • **50.** Matio 27. 57 • **51.** Matio 12. 40

Ny fiakarany tany an-danitra: Hatrany amin'ny Salamo 110. 1 no ahitantsika an'ity tenin' Andriamanitra ity, manao hoe: «Mipetraha eo an-tanako ankavanana ». Maneho amintsika ny antsipirihan'ny sasantsasany amin'ireo voninahitra hanaraka ny fahoriana koa ny tantaran'i Josefa⁵².

Ny famonjena voambara: «Herin' Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino (ny filazantsara) »⁵³: tò ny faminaniana any amin'ny Isaia 49. 6, taterina ao amin'ny Asan'ny Apôstôly 13. 47 koa ny hoe: «Efa nanendry Anao ho fahazavan'ny Jentilisa Aho, mba ho famonjena hatrany amin'ny faran'ny tany lanao ».

Tsy isalasalana intsony fa i Jesoa marina tokoa no ilay Kristy ambaran'ny Soratra Masina. Manaporofa izany ireo fehezam-paminaniana notanisaintsika tato, ary mbola maro amin'izy ireny no tsy voalaza! Fantatsika fa nanambara izany tamin-kery i Apôlôsy⁵⁴. Tompon'andraikitra ny Jiosy tamin'ny tsy fandraisany an'i Jesoa.

Hitantsika teto fa iray tsy mivaky ny Baiboly. Zavatra iray ihany no voiziny; ny hevitr'

52. 1 Petera 1. 11 • 53. Romana 1. 16 • 54. Asan'ny Apôstôly 18. 28

Andriamanitra mikasika an'i Kristy no ambarany amintsika. Azontsika fantarina ny fomba mahavalalanina nampiasain'Andriamanitra tamin'ny fampahafantarana antsika **mialoha**, eny nialoha ny fanorenana an'izao tontolo izao aza, an'llay Zanak'ondry izay hirahiny ho ety ambonin'ny tany. Efa voaomana sy fantatra mialoha avokoa ny zavatra rehetra. Ho antsika no nilazan'ireo mpaminany izany zavatra rehetra izany. Naseho antsika ny zava-miafin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra. Manana tombondahiny manokana isika ankehitriny, dia isika izay tafaray amin'llay Iray izay nahatontosa ny zavatra rehetra.

Samy milaza avokoa ny hiavian'llay Voahosotr'i Jehovah, na i Mosesy, na ny Salamo, na ny Mpaminany. Ao amin'io Voahosotr'i Jehovah io, ary amin'ny alalany, no tsy maintsy hahatanterahan'ny isanisany amin'ireo teny fampanantenana nomen'Andriamanitra.

Tokony hahalala tsara ny mikasika ny Mesia ny Israelita iray tena mpivavaka amin' Andriamanitra, ka hiandrandra fatratra ny fiaviany sy hanaiky Azy amin'ny fotoana hahatongavany. Efa voalaza mazava ao amin'ny Soratra Masina mantsy ny mombamomba Azy rehetra.

Isika kristiana kosa, ndeha hidera ny fomba mampitolagaga nampifandraisana an'ireo zavatra nambara mialoha, eny hatramin'ny antsipirihany mihitsy, tamin'ny manontolom-piainan'i Jesoa.

Izany no manaporofo amintsika ny lanja ambony ananan'ny Baiboly sy ny maha Boky tena lafatra azy. Manamafy amintsika ny maha mahatoky an'llay Iray izay miteny amintsika izany zavatra rehetra izany.

Imprimé en France par IMÉAF – 26160 La Bégude de Mazenc
Dépôt légal : 4^e trimestre 2007 - N° d'impression 70736